Tandremonareo ny tsy rariny, fa ny tsy rariny dia ho maizina amin'ny andro farany, ary tandremo ny fahirana, satria ny fahirana no naharendrika ireo talohanareo

Tatitra azo avy amin'i Jabir bin Abdollah (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Tandremonareo ny tsy rariny, fa ny tsy rariny dia ho maizina amin'ny andro farany, ary tandremo ny fahirana, satria ny fahirana no naharendrika ireo talohanareo, ka nahatonga azy ireo nandatsa-drà ary nampa-ara-dàlana ny zava-boarara".
[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nampitandrina ny amin'ny tsy rariny ny Mpaminany (S.A.W), anisan'izany ny : Tsy rariny amin'ny olona, tsy rariny amin'ny tena, ary ny tsy rariny amin'ny zon'I Allah Tsitoha. Izany dia ny fialana amin’ny fanomezana ny tsirairay ny zony, ary ny tsy rariny dia haizina ho an'ny mpanao azy amin'ny andro farany, noho ny fisian’ny fahasahiranana sy ny horohoro, Noraràny ny fahirana, izay fahirana diso tafahoatra miampy fitandrovana fatratra ny harena, ao anatin'izany ny tsy fahazotoana amin'ny fanatanterahana ny zo ara-bola sy ny fiahiahiana fatratra amin'ny fiainana eto an-tany, Io karazana tsy rariny io dia naha rendrika ireo vahoaka teo alohantsika, satria nanery azy ireo hifamono sy hamela izay noraran’Allah.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5787